# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Februoary 2020

# 17 Alatsinainy
februáry

**Tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota.** 1 Timoty 1. 15

**Isaia sy Simona Petera**

— Nomena fahitana *ny mpaminany Isaia* : hitany Jehovah, nipetraka teo ambony sezafiandrianana tao amin'ny tempolin'Andriamanitra. Nisy anjely, feno fanajana, nanambara ny fahamasinany sy ny fiandrianany. Dia nahatsapa i Isaia fa mpanota, ka niantsoantso hoe : „Lozako ! maty aho !" (Isaia 6. 1-7).

— Nanarato nandritra ny alina *Simona Petera, mpianatr'i Jesosy*, nefa tsy nahazo na inona na inona. Nasain'i Jesosy nandatsaka ny haratony indray izy, rehefa antoandro. Nankatò i Simona, ka nahazo hazandrano marobe. Dia niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy ary niantsoantso hoe : „Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho" (Lioka 5. 8).

Misy fitoviana mendrika hosinganina eo amin'ireo zava-nitranga roa ireo.

Ny fahamasinana sy fiandrianan'i Jehovah dia nahatonga saina an'i Isaia hoe very izy. Ny herin'i Jesosy dia nitarika an'i Simona hanambara fa olo-meloka izy.

Izany dia manamafy ny ambaran'ny Baiboly manontolo, hoe iray ihany Ilay Jehovah nameno ny tempoly tamin'ny voninahiny, sy Jesosy, Ilay sakaiza-na mpanarato tsotra dia tsotra tany Galilia. Iray ihany Jesosy sy Ilay Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha ! Nambaran'i Jaona evanjelista fa i Isaia dia nahita ny voninahitr'i Jesosy (Jaona 12. 41).

Teo anatrehan'i Jesosy i Simona dia niantsoantso hoe : „Mialà amiko…", nefa nanatona Azy sy niankohoka teo an-tongony ! Ary dia nampahery sy nampitony azy Jesosy, hoe : „Aza matahotra". Tsy tonga tsy akory Jesosy mba hampitahotra antsika noho ny fahalehibeazany, amin'ny maha Andriamanitra Azy, na hanameloka antsika. Tonga Izy nitondra „ny fahasoavana sy ny fahamarinana" (Jaona 1. 17).